# Hatsarana ho solon'ny lavenona: Ny lalana manasitran'ny famelan-keloka



Rehefa nandeha ny fotoana ary nanoloana ny ezaka hitadiavana fiadanana sy fanasitranana eo amin'ny lalan'ny famelana, dia lasa tonga saina tamin'ny fomba lalina tokoa aho fa ilay Zanak' Andriamanitra izay nanao sorona ho an'ny fahotako ihany no ilay Mpanavotra izay hamonjy ihany koa ireo izay nandratra mafy ahy. Tsy afaka nino ilay fahamarinana voalohany aho raha tsy nino ilay faharoa.

Rehefa nihanitombo ny fitiavako ny Mpamonjy, dia torak'izany koa ny faniriako hanolo ny faharatrana sy ny fahatezerana amin'ny balsamany manasitrana. Tao anatin'ny taona maro izany dingana nolalovana izany, nitaky herim-po sy fahalemem-panahy sy faharetana ary fianarana ny matoky ny hery masin'ny Mpamonjy mba hamonjy sy hanasitrana. Mbola misy ny asa ilaina ataoko saingy tsy mankamin'ny fahatezerana sy valifaty intsony ny foko. Nomena "fo vaovao" aho [Ezekiela 36:26] dia fo nahatsapa ny fitiavana lalina sy mitoetran'ny Mpamonjy ahy manokana, izay niara-dalana tamiko, izay nitarika ahy tamin-katsaram-panahy sy tamim-paharetana ho amin'ny toerana tsara kokoa, izay niara-nitomany tamiko, izay mahafantatra ny alaheloko. . . .

Nilaza ny Loholona Richard G. Scott hoe: "Tsy afaka mamafa ny zavatra efa vita ianao saingy afaka mamela izany. Manasitrana ireo ratra mahatsiravina sy mandoza ny famelan-keloka satria mamela ny fitiavan' Andriamanitra hanadio ny fo sy ny saintsika amin'ny poizin'ny fankahalana. Manafaka ny eritreritsika amin'ny faniriana ny hamaly faty izany. Manome toerana ho an'ny fanadiovana sy ny fanasitranana ary ny famerenana amin'ny laoniny ny fitiavan'ny Tompo izany" ["Healing the Tragic Scars of Abuse," *Ensign*, mey 1992, 33].

Ny raiko niteraka ahy koa dia niaina fiovam-po mahatalanjona tao anatin'ireo taona vao tsy ela ka nitodika tamin'ny Tompo, izay zavatra tsy nampoiziko hitranga amin'ity fiainana ity. Izany dia fijoroana ho vavolombelona ho ahy ny amin'ny hery feno sy manova an'i Jesoa Kristy.

Fantatro fa afaka manasitrana ny mpanota sy ireo izay niharan'ny fahotana Izy. Izy no Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao, izay nanolotra ny ainy mba hahafahantsika ho velona indray. Hoy Izy: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; efa naniraka Ahy *hanasitrana ny torotoro fo Izy*, naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba, *hanafaka izay nampahorina*" [Lioka 4:18; nampiana fanamafisana].

Ho an'ireo rehetra izay torotoro ny fony, mpifatotra, nampahorina, ary angamba nojambain'ny fampahoriana na ny fahotana, manolotra fanasitranana sy fanarenana ary fanafahana Izy. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fanasitranana sy fanarenana atolony dia tena misy. Samy manana ny azy ny fotoan'izany fanasitranana izany, ary tsy afaka mitsara ny fotoan'ny an'ny hafa isika. Zava-dehibe ny hamelantsika ho an'ny tenantsika ny fotoana ilaina mba hahasitranana ary ny ho tsara fanahy amin'ny tenantsika ao anatin'izany dingana izany. Ny Mpamonjy dia be famindram-po sy mihaino antsika hatrany, ary vonona hatrany ny hanolotra ny fanampiana ilaintsika Izy.

Eo amin'ny lalan'ny famelana sy ny fanasitranana dia misy ny safidy tsy hamerimberenana intsony ireo trangan-javatra na fifandraisana tsy mahasoa ao amin'ny fianakaviantsika na aiza na aiza. Ho an'ireo rehetra izay azontsika taomina, afaka manolotra hatsaram-panahy isika ho solon'ny fahasiahana, fitiavana ho solon'ny fankahalana, fahalemem-panahy ho solon'ny fanevatevana, fiarovana ho solon'ny fampahoriana ary fiadanana ho solon'ny fifandirana.

Ny fanomezanao ny zavatra izay nolavina taminao dia ampahany mahery vaika amin'ilay fanasitranana masina izay afaka ny hisy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Ny miaina amin'ny fomba izay manome, araka ny nolazain'i Isaia hoe, hatsarana ho solon'ny lavenona eo amin'ny fiainanao [jereo ny Isaia 61:3], dia fampiharana finoana izay manaraka ny ohatra tonga lafatry ny Mpamonjy izay nizaka ny zava-drehetra mba hahafahany manavotra ny olon-drehetra. . . .

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny ohatra lehibe indrindra amin'ny fitiavana sy ny famelana dia i Jesoa Kristy ilay Mpamonjy antsika, izay nilaza tao anatin'ny fangirifiriana mangidy hoe: "Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony." [Lioka 23:34]. (Kristin M. Yee, "Hatsarana ho solon'ny lavenona: Ny lalana manasitran'ny famelan-keloka," *Liahona*, nôv. 2022, 37–38)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_262-1